Association ArsiDiosezy Avaratra sy Atsinanan'i MADAgasikara (ADIAAMADA)

Ny fikambanana ADIAAMADA, dia fikambanan'olon-tsotra tsy miankina araka ny lalàna nivoaka tamin'ny taona 1901, niorina tamin'ny taona 2006.

Mpinamana vitsivitsy, matetika mihaona, mitafa sy mialavoly miaraka, no nanangana azy. Ary satria moa kristianina sy mompera mandranto fianarana ary relijiozy no mihaona, dia manararaotra manao fotoam-pivavahana. Nitarina koa moa izany amin'ny fanaovana fivahiniana masina.

Raha nitady anarana ho an'ny fikambanana moa, tamin'izany fotoana izany, ny isan'ny voatsikaritra dia ny toerana nahabe sy nitaiza ny tsirairay ara-pinoana, dia ny arsidiosezy avaratr'i Madagasikara izay mampivondrona ny diosezy Antsiranana, Ambanja, Mahajanga, Port-Bergé, Toamasina ary Fenoarivo antsinanana, tamin'izay. Teo no nipoiran'ny anarany hoe ADIAMADA (**A**rsi**DI**osezy **A**varatr'i **MADA**gasikara). Nanomboka ny taona 2010 dia teraka ny Arsidiosezy Antsinanana ka nisintaka ny avaratra ny diosezy Toamasina sy Fenoarivo ary lasa tao anatin'ny Arsidiosezy vaovao dia ny Antsinanana ka nahitatra ny anaran'ny fikambanana ho ADIAAMADA (**A**rsi**DI**osezy **A**varatra sy **A**ntsinanan'i **MADA**gasikara).

Tsy mialonjafy ny fikambanana ka noho izany dia misy mpikambana avy amin'ny lafy valon'ny nosy, sy ny departemanta maromaro eto Frantsa, na gasy na vazaha. Miisa eo amin'ny 100 eo ho eo ny mpikambana rehetra fa ny tena mpikatroka andavanandro dia eo amin'ny 70 : misy ny mpianatra, relijiozy, pretra sy ny lahika fianakaviana.

Ny fananarana sy toro-hevitra, matetika, azo avy amin'ireo Eveka sendra mandalo, sy ireo mpianatra mompera mody, rehefa vita ny fianarany, dia ny ny hoe aza hadino ny tany nahabe satria nahazahoana fahasoavana. Izany no mahatonga ny fikambanana ADIAAMADA manao hetsika isan-taona, entimanana hanaovana asa soa (sekoly, hopitaly, toeram-panabeazana, fikambanana relijiozy na lahika, ny paroasy, ny traboina…) any Madagasikara, rehefa voadinika am-pivoriana sy hita toky any an-toerana.

Mankalaza ny fahafolo taonany ny fikambanana amin'ity taona ity, miezaka hatrany mba hamory ny ankamaroan'ny mpikambana, ary hanohy ny efa natao hatrizay sy hanatsara kokoa ny fifandraisana rehetra na amin'ny fikambanana hafa na amin'ny paroasy eto Ile De France, anatin'izany ny fiangonana katolika malagasy eto Paris (FKMP). Misy ny fandraisana anjara amin'ny litorjia indray mandeha isan-taona nanomboka tamin'ny 2011, ary tao rahateo no nankalazana ny fiandohan'ny fankalazana ny faha-10 taonany tamin'ny alahady faha 17 janoary 2016, niaraka tamin'ny Mgr Benjamin RAMAROSON, arsevekan'ny Antsiranana.

Raha te-hifandray dia ireto ny azo hifandraisana :

E-mail : adiaamada@gmail.com
Facebook : https://www.facebook.com/groups/adiaamada/
Adresse : ADIAAMADA- 7 quater, rue Girardin - 78540 Vernouillet
Pascal 06 16 31 78 67 ou Gisèle 06 61 40 27 58